



FIADIDIANA NY REPOBLIKA FAMPITAM-BAOVAO

Fanatanterahana ny toky nomena iray volana lasa izay: napetraka androany ny vatofehizoron'ny fanamboarana ny lalam-be autoroute na « voie rapide » 10km mampitohy ny seranatsambon'i Toamasina mipàka amin'ny lalam-pirenena faharoa.

Napetraky ny filoha Andry Rajoelina androany 7 aprily 2019, ny vatofototry ny asa fanamboarana lalam-be autoroute na voie rapide, mirefy 9,866km manomboka eo amin'ny seranantsambon'i Toamasina ka hatreny amin'ny fivoahana amin'ny lalam-pirenena faharoa eny Tsarakofafa. Hanomboka avy hatrany ny asa izay haharitra roa taona ka hizara ampahany roa. Ny voalohany dia ny fanitarana ny lalana RN2Bis izay mirefy 3,606km ary ny faharoa kosa dia ny fanorenana lalana vaovao hanomboka eo amin'ny tetezan'i Pangalana ka hatreny amin'ny seranantsambo, mirefy 6,260km. Lalana mirefy 9,866km izany no totaliny no hatao, izay hirefy 22,5metatra ny sakany ka hamaha ny olan'ny fifamezivezena eo amin'ny renivohitra ara-toe-karen'i Madagasikara. Miaramiasa amin'ny fitondram-panjakana ho fanatanterahana ity tetikasa ity ny orinasa AF ECC sy ny fanjakana sinoa.

« Tsy nofinofy fa asa avy hatrany no tanterahina eto Toamasina ary tsy hiandrasana fotoana maharitra ny fanaovana ireo asa rehetra nampanantenaina » hoy ny filoha Andry Rajoelina. Tafiditra anatin'ireo asa ho atomboka ireo ny tetikasa maro toy fananganana ny trano mora, ny fanavaozana tanteraka ny moron-dranomasin'i Toamasina, ny asa fanamboarana ny kianja sy toerana fanantanjahantena, ny fanamboarana ny lalana Ratsimilaho sy ny marohafa. Isan'ny nambaran'ny filohampirenena androany ihany koa ny hanomezana fiarabe sy fitaovana hamahana ny olana amin'ny fanadiovana ny tanana. « Tsy maintsy hampandrosontsika i Toamasina ary hasehontsika ireo izay mbola tsy mino fa tanterahantsika ny fanarenana an'i Madagasikara ary ataontsika anatin'ny fotoana fohy ary azo tsapain-tanana sy hisongadina izany » hoy ny Filoha Andry Rajoelina tamin'ny kabarin'ny

Fiadidiana ny seraseran'ny Repoblika
07-04-2019